



FANDAHARAN'ASA FAMPIROBOROBOANA NY FANDRAHARAHAN'NY TANORA (PROGRAMME DE PROMOTION DE L'ENTREPRENEURIAT DES JEUNES – PPEJ)

FIFANINANANA FAMORONANA TETIKASAM-PIHARIANA TAONA 2018

Ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena (MJS) miaraka amin'ny mpiaramiombon'antoka aminy dia ny CONFESJES na Conférence des Ministres de la Jeunesse et des Sports des pays de la Francophonie amin'ny alalan'ny Fandaharan'asa Fampiroboroboana ny Fandraharahan'ny Tanora na ny Programme de Promotion de l'Entrepreneuriat des Jeunes (PPEJ) na FIJ teo aloha dia mikarakara fifaninanana tetikasam-pihariana ho an'ny tanora maniry hahazo famatsiam-bola hananganana ny tetikasany.

IREO IANTEFANY (ireo afaka mandray anjara)

Tanora lahy na vavy, **18 hatramin'ny 35 taona (35 taona amin'ny 31 desambra 2018) tsy an'asa**, nianatra na tsia, niala andaharana tamin'ny fianarana, manana diplaoma na tsia, ary manana tetikasam-pihariana ka vonona hanatanteraka izany.

SEHA-PIHARIANA VOAKASIKA

Fambolena sy fiompiana, asa tanana sy tao-zavatra, varotra, fanodinana akora ary ny servisy.

FAMATSIAM-BOLA

Vola tsy averina mitentina 8 000 000 Ariary farafahabetsany

ANTONTAN-TARATASY TAKIANA

Boky mirakitra ny vinavinana tetikasa izay mifanaraka amin'ny drafitrasam-pihariana PPEJ izay arafitra amin'ny teny frantsay ka ny maribola ampiasaina dia ny Ariary miaraka amin'ireto antontan-taratasy manaraka ireto :

- Fisy fandraisana anjara (fiche de candidature) ;
- Kopia nahaterahan'ny na ireo tompon'ny tetikasa na dika mitovy ny kara-panondro ka voamarina ara-panjakana (légalisée) ;
- Faktiora (facture proforma) manamarina ny vidin'ny fitaovana kasaina ho vidiana ;
- Dika mitovy ny sata mifehy (statut) sy ny fitsipi-pifehezana (règlement intérieur) na fiaraham-ombon'antoka (engagement solidaire) ho an'ireo fikambanana manolotra tetikasa ;
- Dika mitovy ny fanamarinana fananan-tany (titre de propriété) na taratasy hafa voamarin'ny manampahefana eo antoerana, manamarina ny fisian'ny tany hanaovana ny tetikasa ho an'ireo tetikasa fiompiana sy fambolena ;
- Taratasy fahazoan-dalana hanao ny asa ho an'ireo tetikasa manokana mila izany. Ohatra : toerampivarotana fanafody, fananganana sekoly, toeram-pitsaboana, fitaizana zaza, ...
- Ireo taratasy manamarina ny fahavitana fiofanana ;

- Taratasy manamarina ny fanarahana fiofanana momba ny fandraharahana (attestation, certificat) ;
- Faktiora (facture proforma) manamarina ny vola haloa amin'ny fiantohana ny fiara ho an'ireo hiantsehatra amin'ny tetikasa fitanterana ;
- Ireo antontantaratasy hafa mety ilaina (diploma, ...) ;
- Taratasy fiantohan'ny mpiantoka ;
- Kapila mangirana (CD) mirakitra ny volavolana tetikasa izay afaka alefa amin'ny adiresy mailaka ppeimadagascar@gmail.com

FITSARANA NY TETIKASA

- Fifantenana nasionaly ireo tetikasa voaray rehetra hisivanana ireo **tetikasa 10 mendrika indrindra**
- Fifantenana iraisam-pirenena eo anivon'ny CONFEJES ireo tetikasa 10 voaray avy amin'ireo firenena mpikambana ao aminy.

FAMETRAHANA NY VOLAVOLANA TETIKASA

Ireo antontan-taratasy avy nofenoina dia ampandalovina any amin'ireo solon-tenan'ny MJS any amin'ny toerana anatanterahana ny tetikasa toy ny Direction Régionale de la Jeunesse et des Sports (DRJS) ho an'ny Faritra ary ny Délégation Régionale de Jeunesse et des Sports (DÉRJS) ho an'ny Distrika, alohan'ny andefasana azy ireo amin'ny adiresy manaraka dia ny : **Direction de la Réinsertion Socio Economique des Jeunes, Ministère de la Jeunesse et des Sports derrière gymnase couvert Ankorondrano Antananarivo 101.**

DATY FARANY FANDRAISANA NY VOLAVOLANA TETIKASA

Farafahatarany ny **30 aprily 2018** any amin'ny Ministera foibe.

FANAMPIM-PANAZAVANA

Manantona ny Direction Régionale de la Jeunesse et des Sports (DRJS) any amin'ny Faritra na ny Délégation Régionale de Jeunesse et des Sports (DÉRJS) any amin'ny Distrika na ny Tranoben'ny Tanora akaiky anao na ny biraon'ny Fandrindrana Nasionaly na ny Coordination Nationale du PPEJ ao amin'ny Direction de la Réinsertion Socio-Economique des Jeunes (DRSEJ), MJS ambadiky ny Gymnase Ankorondrano Antananarivo na tsidiho ny tranokalan'ny Ministera www.mjs.gov.mg na ny pejy Facebook-ny.

Filan-kevitra : 034 05 830 66 - 034 05 689 34 na ppeimadagascar@gmail.com

Antananarivo, faha-

31 JAN 2018

Ministre de la Jeunesse et des Sports



ANDRIAMOSARISOA
Jean Anicet